# Va, et toi, fais de même

Par James E. Evanson
*des soixante-dix*

# Mandehana hianao, ka mba manaova toa izany koa

Nataon'ny Loholona James E. Evanson
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*J'aimerais mettre en lumière le rôle des missionnaires appelés à faire une mission dédiée au service. Ils sont des exemples pour nous.*

*Te hiresaka bebe kokoa momba ireo misiônera izay nantsoina amin'ny andraikitra hanompo ireo aho. Ohatra fakan-tahaka ho antsika izy ireo.*

Tandis que le Sauveur parcourait la région de Bethsaïda, quelques personnes lui ont amené un aveugle. Celles-ci espéraient peut-être être les témoins directs d'un miracle. Le Sauveur « prit l'aveugle par la main et le conduisit hors du village » afin de le guérir en privé. Cette guérison n'a d'abord pas semblé efficace. L'homme regarda et dit : « J'aperçois les hommes, mais je les vois comme des arbres qui marchent. » Avec compassion, Jésus « lui mit de nouveau les mains sur les yeux ; et, quand l'aveugle regarda fixement », grâce à ce geste supplémentaire du Sauveur, « il […] vit tout distinctement».

Rehefa namakivaky an'i Betsaida ny Mpamonjy dia nisy olona vitsivitsy nitondra lehilahy jamba teo Aminy. Mety nanantena ny hahita maso fahagagana angamba izy ireo. "Nitantana ilay jamba [ny Mpamonjy] ka nitondra azy teny ivelan'ny tanàna" mba hositraniny amin'ny mangingina. Toa tsy nety ilay fanasitranana tamin'ny voalohany. "Niandrandra ralehilahy ka nanao hoe: Mahita ny olona aho: fa toa hazo ny fijeriko azy, saingy mamindra". Nangoraka i Jesoa ary "napetrany tamin'ny mason['ilay lehilahy jamba] indray ny tànany, dia nibanjina ralehilahy ka nahiratra tsara". Niaraka tamin'izay fametrahan'i Mpamonjy fanindroany ny tanany izay dia "hitan'[ilay lehilahy jamba] miharihary ny zavatra rehetra";

Cela n'est qu'un exemple parmi d'autres de la façon dont la vie du Sauveur se caractérise par d'humbles actes de service. Il nous rappelle qu'il « est venu, non pour être servi, mais pour servir», et il nous invite ensuite à suivre son exemple en faisant le deuxième mille, donnant à celui qui nous demandeet aimant notre prochain. Lorsqu'on lui a demandé : « Qui est mon prochain ? » Le Christ a raconté la parabole du bon Samaritain, avec le commandement suivant : « Va, et toi, fais de même. »

Ohatra iray amin'ny fiainan'ny Mpamonjy izay voamariky ny asa fanompoana miverimberina sy feno fanetrentena fotsiny izany. Mampahatsiahy antsika Izy fa "tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo"ary avy eo dia manasa antsika hanaraka ny ohatra nasehony ka hanitsaka ilay maily faharoa,sy hanome izay mangataka amintsika,ary hitia ny namantsika.Rehefa nanontaniana hoe: "Iza ary no namako?" Nozarain'i Kristy ny fanoharana momba ilay Samaritana tsara fanahy sady nilaza hoe "Mandehana hianao, ka mba manaova toa izany koa".

Les missionnaires de l'Église de Jésus-Christ des Saints des Derniers Jours sont des exemples modernes du bon Samaritain que le Christ nous invite à devenir. J'aimerais mettre en lumière le rôle des missionnaires appelés à des missions

Ireo misiôneran' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia ohatra maoderina amin'ny samaritana tsara fanahy ary hiova ho tahaka izany no anasan'i Kristy antsika. Te hiresaka bebe kokoa momba ireo misiônera

dédiées au service. Ils sont pour nous des exemples de la manière dont le service (1) ouvre les cœurs à l'Évangile de Jésus-Christ, (2) nous permet à tous de servir quelle que soit notre situation et (3) attire le pouvoir du Christ dans notre vie.

izay mahazo fanendrena hanao asa fanompoana ireo aho.Maneho ohatra amintsika izy ireo ny amin'ny fomba entin'ny fanompoana (1) manokatra fo ho amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy, sy (2) mamela antsika hanompo na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra iainantsika, ary (3) misintona ny herin'i Kristy eo amin'ny fiainantsika.

## Premièrement, le service ouvre les cœurs à l'Évangile de Jésus-Christ

## Voalohany, ny fanompoana dia manokatra fo ho amin'ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.

Vers 91 av. J.-C., Ammon, un missionnaire du Livre de Mormon, s'est présenté au roi Lamoni en disant : « Je désire demeurer un certain temps parmi ce peuple ; [et] je serai ton serviteur. » Grâce à la façon dont il a servi le roi, Ammon a eu l'occasion de « parler hardiment, et [de dire au roi Lamoni] par quel pouvoir » il a accompli ces choses. En contrepartie, le roi a promis à Ammon : « Tout ce que tu désires, je te le donnerai. » La seule requête d'Ammon a été que le roi écoute le message de l'Évangile de Jésus-Christ. Le service d'Ammon a eu pour résultat « d'amener des milliers d'âmes au repentir».

Tokony ho 91 taona talohan'i Kristy dia nampahafantatra ny tenany tamin'ny Mpanjaka Lamônia i Amôna nanao hoe: "Maniry ny hitoetra eo anivon'ity vahoaka ity mandritra ny fotoana fohy aho; … [dia] ho mpanomponao … aho".Noho ny fanompoana mahatalanjona nataony tamin'ny mpanjaka dia nomena fahafahana i Amôna "[h]iteny amim-pahasahiana, … ary [hilaza amin'ny Mpanjaka Lamônia hoe] hery toa inona no" nanaovany ny fanompoany. Ho valin'izany dia nampanantena ny mpanjaka fa "na inona na inona irin['i Amôna] dia [homen'ny mpanjaka azy]".Ny hany nangatahan'i Amôna dia ny mba hihainoan'ilay mpanjaka ny hafatry ny filazantsaran'i Jesoa Kristy.Ny fanompoana nataon'i Amôna dia nahatonga "fanahy an'arivony ho amin'ny fibebahana".

De nos jours, le service continue de conduire les gens à l'Évangile. Sœur Bevan faisait une mission dédiée à l'enseignement lorsqu'elle a commencé à rencontrer des problèmes de santé nécessitant son retour chez elle pour suivre un traitement. Au lieu d'être relevée, elle a pu continuer de servir dans le cadre d'une mission dédiée au service depuis chez elle.

Amin'izao androntsika izao dia mbola mitondra ny hafa ho amin'ny filazantsara hatrany ny fanompoana. Misiônera nampianatra i Rahavavy Bevan raha nanomboka narary, izay nitaky ny fodiany mba hotsaboina. Tsy nisaorana izy fa afaka nanohy nanompo tany an-tranony ka lasa misiônera manao asa fanompoana.

Alors qu'elles traversaient un parc, sœur Bevan et une amie se sont senties poussées à parler à une mère accompagnée de ses quatre jeunes enfants, mais elles ont hésité et la famille s'en est allée. Le lendemain, elles sont retournées dans ce parc, priant pour que la famille s'y trouve aussi. Miraculeusement, la mère était assise exactement au même endroit que la veille. Cette fois, sœur Bevan et son amie sont allées lui parler et, tout en faisant connaissance avec elle, ont découvert qu'elle avait désespérément besoin d'une aide temporelle. Elles lui ont apporté leur soutien et l'ont ensuite invitée à découvrir l'Évangile.

Rehefa nitsidika valan-javaboary iray i Rahavavy Bevan sy ny namany anankiray dia notaomim-panahy hiresaka amin'ny renim-pianakaviana iray niaraka tamin'ny ankizy kely efatra saingy niahotrahotra izy ireo ka lasa ilay fianakaviana. Ny ampitson'io dia niverina tao amin'ilay valan-javaboary izy ireo sady nivavaka mba ho ao io fianakaviana io. Mahagaga fa nipetraka teo amin'ilay toerana nisy azy ny omalin'iny ihany ilay renim-pianakaviana. Tamin'io fotoana io dia nanatona an'ilay renim-pianakaviana Rahavavy Bevan sy ilay namany, ary nahita fa nila fanampiana ara-batana fatratra izy. Nampian'izy ireo izy ary nasain'izy ireo hianatra ny filazantsara.

Grâce à ce service et à cette invitation, la mère et l'aîné des enfants se sont fait baptiser, suivi du cadet un an plus tard. Ils sont toujours pratiquants aujourd'hui. Sœur Bevan savait que cette expérience était divinement inspirée et cela lui a prouvé qu'elle se trouvait exactement à l'endroit où Dieu avait besoin qu'elle soit.

Noho izany fanompoana sy fanasana izany dia natao batisa ilay renim-pianakaviana miaraka amin'ny zanany zokiny indrindra, ary nanaraka avy eo ny zanany faharoa herintaona taty aoriana. Mbola mpikambana mavitrika izy ireo ankehitriny. Fantatry ny Rahavavy Bevan fa fanentanam-panahy avy amin' Andriamanitra io zavatra nitranga io ary izany dia "nanaporofo [taminy] fa teo amin'ny toerana izay nilan' Andriamanitra hisy azy mihitsy izy".

Comme Ammon et sœur Bevan, lorsque nous servons autrui, nous « [lui donnons] le bon exemple» et il désire connaître la « raison de l'espérance qui est en [nous]».

Tahaka an'i Amôna sy Rahavavy Bevan, rehefa manompo ny hafa isika dia "maneho … ny ohatra tsara" amin'izy ireoary izy ireo dia haniry ny hahafantatra ny "anton'ny fanantenana ao anatin[tsika]".

Jésus nous lance cette invitation : « Va, et toi, fais de même. »

Manasa antsika i Jesoa manao hoe: "Mandehana hianao, ka mba manaova toa izany koa".

## Deuxièmement, le service nous permet à tous de servir quelle que soit notre situation

## Faharoa, ny fanompoana dia manome fahafahana antsika hanompo na inona na inona toe-javatra iainantsika.

Le président Nelson a demandé à «chaque-jeune homme digne et apte de se préparer pour une mission, et d'en faire une », et à chaque sœur jeune et capable de « [prier] pour savoir si le Seigneur désire [qu'elle fasse] une mission ». Il a promis : « Votre décision de faire une mission, qu'elle soit de prosélytisme ou [dédiée au] service, sera une bénédiction pour vous et pour beaucoup d'autres. » Les missions dédiées au service ont transformé la définition du motcapable. À présent, chaque jeune homme et chaque jeune femme qui désirent faire une mission à plein temps pour le Seigneur le peuvent, à de très rares exceptions.

Ny Filoha Russell M. Nelson dia niantso: "ny zatovolahy afaka mirotsaka sy mendrikatsirairay avymba hiomana sy handeha hanao asa fitoriana" ary ho an'ny zatovovavy tsirairay izay afaka mirotsaka mba "hivavaka hamantarana raha toa ka tian'ny Tompo hanao asa fitoriana izy". Nampanantena izy hoe "ny fanapahan-kevitrareo ny hanao asa fitoriana, na misiônera mpanao asa fitoriana na mpanao asa fanompoana, dia hitahy anareo sy ny hafa".Ireo misiôna manao asa fanompoana dia nanova ny famaritana ilay teny hoeafaka mirotsaka.Amin'izao ny zatovolahy sy zatovovavy mendrika rehetra izay maniry ny hanompo ny Tompo amin'ny asa fitoriana amin'ny fotoana feno dia afaka manao izany, ary tena vitsy ny tranga maningana.

Quand il s'agit de servir indépendamment de notre situation personnelle, elder Holgado est un exemple. Il est né avec une maladie génétique rarequi l'empêchait de faire une mission dédiée à l'enseignement. Elder Holgado a été appelé en tant que missionnaire dédié au service et a effectué du bénévolat au sein du magasin de l'évêque, permettant à des centaines de personnes de recevoir le soutien dont elles avaient besoin. Il garnissait les étagères, emballait les légumes et compactait les cartons.

Elder Holgado dia ohatra iray amin'ny afaka mirotsaka na manao ahoana na manao ahoana toe-javatra manokana iainany. Nanana aretin'ny fototarazatsy fahita firy izy hatry ny fahaterahany izay nanakana azy tsy hanao asa fitoriana mampianatra ny filazantsara. Voantso ho misiônera manao asa fanompoana i Elder Holgado ary nirotsaka an-tsitrapo ho ao amin'ny trano fitehirizan'ny eveka, izay nanampiany ny hafa handray ny fanampiana nilain'izy ireo. Nandamina ireo talantalana izy, nampiditra ireo legioma ho anaty fonosana, ary nanafisaka ireo baoritra.

Prenant la parole à la réunion de Sainte-Cène après sa mission, elder Holgado a déclaré : « Dieu

Rehefa nanao lahateny tao amin'ny fivoriana fanasan'ny Tompo i Elder Holgado taorian'ny asa

a besoin de missionnaires dédiés au service. Il a besoin de gens qui aiment et servent autrui. Ces personnes entreposent du papier hygiénique, emballent des brocolis, montent des meubles et font du bien aux gens. »

Vous n'avez pas besoin de recevoir une tâche de service ou de porter un badge missionnaire pour faire du bien. Le Sauveur reconnaît chaque acte de service. Nous sommes tous capables d'aider les gens à venir au Christ en les servant avec amour et gentillesse. Nous pouvons tous servir chaque personne individuellement au nom du Christ, par le pouvoir du Saint-Esprit, et mener une vie exemplifiant la foi en Jésus-Christ. Le service nous permet de nous présenter comme des sacrifices vivants, agréables à Dieu.

Jésus nous lance cette invitation : « Va, et toi, fais de même. »

## Troisièmement, le service attire le pouvoir du Christ dans notre vie

Un jeune missionnaire, qui avait été transféré d'une mission dédiée à l'enseignement à une mission dédiée au service, a rencontré certaines difficultés personnelles suscitant chez lui le besoin du pouvoir guérisseur du Christ. Le service consacré a apporté ce pouvoir dans sa vie. Il a dit : « J'ai ressenti, pendant que je traversais ces difficultés, que le Christ me soutenait. Il y a vraiment quelque chose de spécial à le voir bénir les gens dans une banque alimentaire, dans le temple ou encore grâce à son Évangile. »

Ce frère a commencé à éprouver une joie plus profonde, et son enthousiasme renouvelé s'est avéré une bénédiction pour lui et toute sa famille. L'Esprit a pénétré plus abondamment leur foyer, ils sont allés au temple ensemble plus régulièrement et le Christ a occupé une place plus importante au sein de leur famille. Ce missionnaire croit que le Christ a sauvé sa vie et béni sa famille grâce au service.

Le président Nelson a enseigné : « Le désir de servir et d'affermir autrui est un symbole de notre empressement à être guéris » par le pouvoir rédempteur du Sauveur.

Jésus nous lance cette invitation : « Va, et toi,

fitoriana nataony, dia nizara izy fa "Andriamanitra dia mila ireo misiônera manao asa fanompoana. Mila olona hitia sy hanompo ny hafa Izy. Ireo olona ireo dia mandamina taratasy fidiovana, mampiditra broccoli ho ao anaty fonosana, manamboatra fanaka, ary tsara fanahy aman'olona".

Tsy voatery tendrena hanompo ianao na manao anarana famantarana vao hanao soa olona. Ny asa fanompoana rehetra dia ankasitrahan'ny Mpamonjy. Isika rehetra dia samy afaka manampy ny hafa hanatona an'i Kristy amin'ny alalan'ny fanompoana am-pitiavana sy hatsaram-panahy. Isika rehetra dia afaka manompo ilay olona anankiray amin'ny anaran'i Kristy amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina sy miaina fiainana ahitana ny maha-ohatry ny finoana an'i Jesoa Kristy.Ny fanompoana dia mamela antsika hahafoy ny tenantsika ho toa ny sorona velona izay eken' Andriamanitra.

Manasa antsika i Jesoa manao hoe: "Mandehana hianao, ka mba manaova toa izany koa".

## Fahatelo, misintona ny herin'i Kristy ho eo amin'ny fiainantsika ny fanompoana

Nisy misiônera tanora iray izay nafindra avy tamin'ny fanendrena hampianatra ho amin'ny fanendrena hanao asa fanompoana, nisedra olana manokana izay nahatonga azy ho nila ny hery manasitran'i Kristy. Fanompoana feno fanolorantena no nitondra izany hery izany teo amin'ny fiainany. Hoy izy: "Nahatsapa aho fa na dia nitolona aza aho dia nahatsapa an'i Kristy nampitraka ahy. Tena misy zavatra miavaka amin'ilay hoe mahita Azy mitahy olona amin'ny alalan'ny fitahirizan-tsakafo iray, ao amin'ny tempoly, sy amin'ny alalan'ny Filazantsarany".

Nanomboka nahatsapa fifaliana kokoa io elder io ary nitahy azy sy ny fianakaviany iray manontolo izany fahavitrihana vaovao nananany izany. Nirotsaka kokoa tao an-tokantranon'izy ireo ny Fanahy, nankany amin'ny tempoly matetika kokoa izy ireo, ary lasa zavatra ifantohana kokoa ao amin'ny fianakaviany i Kristy. Mino io misiônera io fa nanavotra ny fiainany sy nitahy ny fianakaviany tamin'ny alalan'ny fanompoana i Kristy.

Nampianatra ny Filoha Nelson hoe: "Ny fahavononana hanompo sy hampahery ny hafa dia tandindon'ny fahavononan'ny olona iray ho sitrana" amin'ny alalan'ny hery manavotry ny Mpamonjy.

Manasa antsika i Jesoa manao hoe: "Mande-

fais de même. »

## Les missionnaires dédiés au service sont des exemples de disciples consacrés de Jésus-Christ

Quand vous, ou un membre de votre famille, êtes appelés comme missionnaire dédié au service, c'est un moment à célébrer. Dès lors, votre famille comptera un représentant du Seigneur Jésus-Christ qui a été mis à part et qui demeure au sein du foyer. Cela vous transformera tous pour le bien. Un appel à servir ne devrait jamais susciter de déception. Nous chantons ces paroles : « J'irai où tu veux que je sois, ce que tu voudras je serai. » Voici une occasion de montrer que nous croyons vraiment ce que nous disons !

Vous tous qui servez, et plus spécialement les quatre mille jeunes missionnaires dédiés au service, nous vous aimons ! Si les missionnaires dédiés à l'enseignement sont la bouche du Seigneur, alors les missionnaires dédiés au service sont ses mains, et vous n'êtes pas des missionnaires de seconde classe. Chacun de vous joue un rôle vital dans le rassemblement d'Israël. Le président Nelson a enseigné : « Chaque fois que nous faisons quoi que ce soit qui aide qui que ce soit […] à contracter et à respecter ses alliances avec Dieu, nous aidons à rassembler Israël. »

Vous, missionnaires dédiés au service, rassemblez Israël chaque jour de nombreuses manières différentes et votre service transforme des vies. Il arrive souvent que vous ne sachiez pas à qui profitent vos actes de service, mais Dieu le sait. Souvenez-vous toujours que « toutes les fois que vous [servez] l'un de ces plus petits, [c'est lui que] vous [servez]». Nous entendons vos voix lorsque vous êtes bénévoles dans les centres d'appel de l'Église, nous voyons vos sourires lorsque vous aidez au sein d'organisations de la collectivité et nous percevons votre lumière lorsque vous servez dans les temples. Vous donnez à manger à ceux qui ont faim, des vêtements à ceux qui sont nus et à boire à ceux qui ont soif.

Nous devons tous aller et faire de même.

## Le service est la force vive des disci-

hana hianao, ka mba manaova toa izany koa".

## Ohatra amin'ny mpianatr'i Jesoa Kristy manolo-tena ireo misiônera manao asa fanompoana.

Rehefa mahazo antso ho misiônera manao asa fanompoana ianao na ny olona ao amin'ny fianakavianao, dia fotoana mampiravoravo izany. Hanana solontenan'i Jesoa Kristy voatokana mipetraka ao an-tokantranonao izao ny fianakavianao. Hanova anareo rehetra ho amin'ny tsara izany. Tsy tokony hisy fahadisoam-panantenana ao amin'ny antso rehetra hanompo. Mihira isika hoe "Ny lalanao no lalako" ary "atao anie ny sitrakao".Eto dia fotoana iray ahafahantsika maneho fa tena izay lazaintsika tokoa no ao an-tsaintsika!

Ho anareo rehetra izay manompo, ary indrindra indrindra ho an'ireo misiônera tanora 4.000 mahery manao asa fanompoana, tianay ianareo! Raha toa ka ireo misiônera mampianatra no vavan'ny Tompo, dia ireo misiônera manao asa fanompoana no tanan'ny Tompo, ary tsy misiônera mitana laharana faharoa ianareo. Samy manan-danja ianareo tsirairay avy amin'ny fanangonana an' Isiraely. Nampianatra ny Filoha Nelson fa "isaky ny manao zavatra izay hanampy olona ianao … mba hanao dingana mitondra any amin'ny fanaovana sy fanajana fanekempihavanana amin' Andriamanitra dia manangona an'i Isiraely izay ianao."

Manangona an' Isiraely amin'ny fomba maro dia maro ianareo misiônera manao asa fanompoana, ary ny fanompoana ataonareo dia manova fiainana. Matetika tsy fantatrareo hoe iza no mahazo tombontsoa amin'ny fanompoana ataonareo, fa Andriamanitra dia mahafantatra. Tsarovy foana fa "araka izay efa nataonareo tamin'ny anankiray amin'ireto rahalahiko kely indrindra ireto no nataonareo tam[iny]".Renay ny feonareo rehefa mirotsaka an-tsitrapo amin'ireo ivon-toerana fanampiana amin'ny alalan'ny antso an'ny Fiangonana ianareo; hitanay ny tsikinareo rehefa manampy eny amin'ny vondrom-piarahamonina eny ianareo; ary tsapanay ny hazavanareo rehefa manompo any amin'ireo tempoly ianareo. Mamahana ny noana ianareo, mampitafy ny mitanjaka, ary mampisotro ny mangetaheta.

Mila mandeha ka mba manao toa izany koa isika rehetra.

## Ny fanompoana no maha mpianatr'i

ples du Christ

Le service a le pouvoir d'ouvrir les cœurs à l'Évangile et nous permet à tous d'offrir notre âme tout entière au Christ. Il change notre cœur afin que nous devenions plus semblables à lui et, ce faisant, nous édifions autrui. Le président Nelson a un jour demandé : « Dans ce monde frappé de dépérissement spirituel, les personnes […] peuvent-elles faire changer les choses ? » Sa réponse est : « Oui ! […] 'Le peuple de l'alliance du Seigneur, armé de justice et du pouvoir de Dieu dans une grande gloire' […] peut améliorer la vie de tous les humains. » Par le service, nous changeons les cœurs et le monde.

Le Christ « allait de lieu en lieu faisant du bien». Il a guéri les malades, rendu la vue aux aveugleset ressuscité les morts. Il a préparé des repas, apporté son aide lors de noces de mariageet nourri des milliers de gens qui avaient faim. En rendant service à chacun au nom du Christ, nous devenons de plus en plus saints et dignes du don de la vie éternelle. Jésus-Christ vit. Il est mon Sauveur et le vôtre. Il est notre Rédempteur. Il est notre grand exemple de service. Je nous invite tous à aller et à faire de même. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

Kristy.

Ny fanompoana dia manana hery hanokatra fo ho an'ny filazantsara sy mamela antsika rehetra hanolotra ny fanahintsika manontolo ho an'i Kristy.Manova ny fontsika ho lasa tahaka ny Azy kokoa izany, ary ao anatin'izany dia mampitraka ny hafa isika. Indray mandeha ny Filoha Nelson dia nanontany hoe: "Eto amin'ity tontolo iharan'ny fahalovana ara-panahy ity, moa ve ny olona tsirairay … afaka manova zavatra?" Namaly izy hoe: "Eny! … -Ny vahoakan'ny Tompo izay nanao fanekempihavanana, … manana… ny herin' Andriamanitra amim-boninahitra lehibe ho fiadiany- … dia afaka mampisondrotra ny fiainan'ny olona rehetra".Amin'ny alalan'ny fanompoana isika dia manova fo sy izao tontolo izao.

"Nandehandeha nanao soa" i Kristy.Nanasitrana ny marary Izy,nampahiratra ny jamba,ary namangy ny ory.Nahandro sakafo Izy,nanampy tao amin'ny fampakaram-bady,ary nanome sakafo olona noana an'arivony.Rehefa manompo olona amin'ny anaran'i Kristy isika, dia ho lasa masina kokoa hatrany ary ho mendrika ny fanomezana ny fiainana mandrakizay.Velona i Jesoa Kristy. Izy no Mpamonjy ahy sy anao. Izy no Mpanavotra antsika. Izy no ohatra lehibe ho antsika amin'ny fanompoana. Manasa antsika tsirairay aho mba handeha ka hanao tahaka izany koa. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.